REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE**
---------------------
**SECRETARIAT GENERAL**
---------------------
**COMITE POUR LA SAUVEGARDE DE L'INTEGRITE**

# COMMUNIQUE DE PRESSE : Présentation du rapport d'activités des organes de Lutte Contre la Corruption année 2024 et de la SNLCC 2025-2030 devant l'Assemblée Nationale

Antananarivo le, 03 juillet 2025 - Le Système Anti-corruption (SAC) de Madagascar a présenté devant l'Assemblée nationale le rapport d'activités 2024 de ses organes ainsi que la nouvelle Stratégie Nationale de Lutte contre la Corruption (SNLCC) pour la période 2025-2030. Cette démarche inédite a permis, pour la première fois, de soumettre aux députés un état des lieux détaillé des actions menées par les acteurs de la lutte contre la corruption à Madagascar.

L'année 2024 a été marquée par le déploiement de douze Politiques Internes de Lutte contre la Corruption dans l'administration, la création de trente-neuf nouvelles structures anti-corruption, portant à cent quatre-vingt-quatre le nombre total de structures opérationnelles dotées de programmes spécifiques. Douze entreprises du secteur privé ont également bénéficié d'un accompagnement pour instaurer un régime d'intégrité. Sur le plan de la transparence, 5 471 déclarations de patrimoine ont été enregistrées.

Sur le terrain, le Service de Renseignement Financier (SAMIFIN) a traité 206 déclarations d'opérations suspectes, pour un montant total de 1 441 milliards d'ariary. Le Bureau Indépendant Anti-Corruption (BIANCO) a, de son côté, instruit 598 doléances, aboutissant à la mise en détention de 174 personnes. Les juridictions du Pôle Anti-Corruption (PAC) ont prononcé 98 milliards d'ariary de confiscations et 1 142 milliards d'ariary d'amendes, tandis que l'Agence de Recouvrement des Avoirs Illicites (ARAI) a confisqué 489 633 055, 48 ariary, gelé 297 221 957, 70 ariary et saisi 38 propriétés immobilières, et 54 véhicules.

L'élaboration de la SNLCC 2025-2030, pilotée par le Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité (CSI), a mobilisé près de mille participants à travers un processus inclusif et consultatif, avant son adoption en Conseil des ministres le 15 janvier 2025. Cette période a également été marquée par le recrutement des dirigeants des organes du SAC, des magistrats et greffiers du PAC, ainsi que par des efforts accrus pour s'attaquer à la corruption dans des secteurs clés tels que le foncier, les finances publiques, la gestion des frontières et les concours administratifs. La territorialisation de la lutte s'est concrétisée par la création du PAC Fianarantsoa, l'ouverture d'une antenne spéciale du BIANCO à Ivato et l'installation d'un site de conservation de l'ARAI à Toliara.

Lors de cette session devant l'Assemblée, le président du CSI, Jean Louis Andriamifidy, a insisté sur le rôle crucial des députés dans la lutte contre la corruption, mettant en avant la bonne gouvernance, notamment électorale, comme socle de stabilité institutionnelle et de développement durable. Il a appelé les élus à soutenir la réforme des textes législatifs nécessaires à la mise en œuvre de la nouvelle stratégie.

***Par ailleurs, le SAC a invité les députés à soutenir la réforme des textes législatifs s'inscrivant dans le cadre de la mise en œuvre de la SNLCC, à Contribuer au mécanisme de consultation et d'échange prévu par la SNLCC à travers le Comité multi-acteurs, à manifester leur intérêt aux différentes collaborations avec les commissions dont celles de la Bonne gouvernance, de l' éthique et déontologie, du juridique, de l'économie et finances et d'autres commissions concernées par la SNLCC et à renforcer les capacités institutionnelles et financières des organes de lutte contre la corruption au niveau des districts pour garantir l'efficacité de la stratégie nationale.***

***Enfin, le SAC a insisté sur la nécessité pour les députés d'être plus engagés dans les mesures de transparence. Il a notamment souligné l'urgence d'adopter rapidement la loi sur l'éthique et la déontologie et de de respecter l'obligation de déclaration de patrimoine et de l'effectuer à temps. En effet, la situation actuelle révèle que seulement 85 députés élus en 2024 sur 163 ont effectué leur déclaration de patrimoine, ce qui constitue un frein important à la transparence et à la bonne gouvernance. Il a été également ordonné de procéder au vote de la mise en accusation des fonctionnaires impliqués dans les 15 dossiers transmis par la Haute Cour de justice à l'Assemblée Nationale entre 2018 et 2023.***

## FAMPITAM-BAOVAO : FANOLORANA NY SNLCC 2025-2030 SY TATITRY NY ASA VITAN'IREO RAFITRA MIADY AMIN'NY KOLIKOLY MANOLOANA IREO SOLOMBAVAM-BAHOAKA

Antananarivo faha, 03 jolay 2025 – Natolotry ny Rafitra miady amin'ny kolikoly eto Madagasikara (SAC) teo anivon'ny Antenimieram-pirenena ny tatitry ny asa vita nandritra ny taona 2024 sy ny Paikadim-pirenena vaovao Iadiana amin'ny Kolikoly (SNLCC) 2025-2030. Ity fomba fiasa ity izay tsy mbola notanterahina hatramin'izay ity dia nahafahana nanolotra ,amin'ny antsipiriany, teo anatrehan'ny solombavambahoaka ny asa nataon'ireo mpisehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara.

Nanamarika ny taona 2024 ny fametrahana ny politika anatiny roa ambin'ny folo miady amin'ny kolikoly eo amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana, fananganana rafitra vaovao miisa sivy amby telopolo miady amin'ny kolikoly, ka mahatratra efatra amby valopolo amby zato ny fitambaran'ireo rafitra miasa manaraka fandaharan'asa manokana. Orinasa tsy miankina 12 ihany koa no nahazo fanohanana amin'ny fametrahana fomba fitantanana mandalà ny fahitsiana. Eo amin'ny resaka mangarahara kosa dia 5.471 ny nanao fanambaram-pananana .

Teny an-kianja, ny Sampan-draharaha Malagasy iadiana amin'ny Famotsiambola ny fampihorohoroana (SAMIFIN) dia nanao tatitra momba ny raharaham-barotra mampiahiahy miisa 206, izay mitentina 1.441 miliara ariary. Fitarainana miisa 598 kosa no nanaovan'ny Birao mahaleotena miady amin'ny kolikoly (BIANCO) fanadihadiana, ka olona 174 no voatazona tamin'izany. Vola mitentina 98 miliara ariary sy lamandy mitentina 1.142 miliara ariary ihany koa no nogiazan'ny Tendro manokana iadiana amin'ny kolikoly (PAC), raha 489.633.055.48 ariary no nogiazan'ny Sampandraharaha misahana ny famerenana amin'ny fanjakana ny Harena azo tamin'ny tsy ara-dalana (ARAI), 297.221.957.70 ariary kosa no voageja ary trano miisa 38 sy fiara 58.

Ny famolavolana ny SNLCC 2025-2030, notarihin'ny Komity Mitandro ny Fahitsiana (CSI), dia nahitana mpandray anjara maro efa ho arivo, talohan'ny nankatoavan'ny Filan-kevitry ny Minisitra izany tamin'ny 15 Janoary 2025. Nanamarika io vanim-potoana io ihany koa ny fandraisana ireo Lehibe mpitarika ny SAC ary koa ny ezaka manokana teo amin'ireo sehatra lehibe toy ny fananan-tany, ny fitantanam-bolam-panjakana, ny fitantanana ny sisin-tany ary ny fidirana ho mpiasam-panjakana. Ny fananganana ny PAC Fianarantsoa, ny fanokafana ny sampana manokana BIANCO eny Ivato ary ny fametrahana toerana fikajiana an'ny ARAI ao Toliara dia isan'ny asa notanterahana ihany koa.

Ankoatran'izay dia nohamafisin'ny Filohan'ny CSI, Jean Louis ANDIAMIFIDY, nandritra ity fotoam-pivoriana teo anatrehan'ny Antenimieram-pirenena ity, ny maha-zava-dehibe ny anjara andraikitry ny Solombavambahoaka amin'ny ady amin'ny kolikoly, ka nanasongadinany manokana ny fampiroboroboana ny fanjakana tsara tantana, indrindra amin'ny alalan'ny fifidianana, ho fototry ny fijoroan'ny andrim-panjakana sy ny fampandrosoana maharitra. Niantso ireo olom-boafidy izy hanohana ny fanavaozana ireo andinin-dalàna ilaina amin'ny fampiharana ny paikady vaovao.

***Manarak'izay dia notsindrian'ny SAC ihany ny fiaraha-miasa andrasana amin'ny Parlemanta amin'ny fampiharana ny SNLCC. Ilaina fandraisana anjaran'ny Solombavambahoaka ny fandaniana ny lalàna voasoratra ao anatin'ny fampiaharana ny SNLCC indrindra izay mikasika ny fitovian'ny rehetra eo anatrehan'ny lalàna, ny fifampidinihana sy ny fifanakalozan-kevitra voalaza ao amin'ny SNLCC amin'ny alalan'ny Komitin'ny mpisehatra isan-tsokajiny, ny fiaraha-miasa miaraka amin'ireo vaomiera isan-tsokajiny toy ny fanjakana tsara tantana, ny tandro Hasina sy malin'asa, ny lalana, ny toe-karena sy fitantanam-bola sy ireo vaomiera rehetra izay voakasiky ny fampiharana ny paikady. Eo ihany koa ny fanampiana ny rafitra miady amin'ny kolikoly eny anivon'ny Distrika amin'ny fitadiavana ny enti-manana, na ara-bola, na ara-pitaovana, na arak'olona tsara hofana.***

***Mahakasika ireo Solombavambahoaka manokana indray dia notakiana nandritra ny fihaonana ny hamolavolan'izy ireo sy handaniany ny lalàna mifehy ny tandro Hasina sy malin'asa, ny fanaovana ny fanambarana ara-potoana sy feno ny fananana manokana. Ny zava-misy ankehitriny tokoa mantsy dia milaza fa 85 amin'ny 163 solombavambahoaka voafidy ny taona 2024 ihany hatreto no nanao izany. Ary anisany zava-dehibe nolazainy ihany koa tokony hirosoana amin'ny fanatanterahana ny latsa-bato fiampangana ireo tompon'andraikitra voakasiky ny an-tontan-taratasy fanenjehana efa miisa 15 efa nalefan'ny Fitsarana Avo eo amin'ny Antenimieram-pirenena, teo anelanelan'ny taona 2018 sy 2023.***